## Ny Valosoa sy hadihady

# Fitondrana Rajoelina, tara fandraisana fanapahan-kevitra hatrany

Ny fahataran'ny fepetra noraisin'ny fitondrana tamin'ny taona 2020 ho amin'ny fanakatonana ny sisintany sy habakabak'i Madagasikara, dia tafiditra ary nirongatra ny fihanaky ny valanaretina teto amin'ny firenena. Fikorontanam-piainan'ny sarambabem-bahoaka sy ny sehatra samihafa rehetra no vokatr'izany. Tsy noheverin'ny fitondrana Rajoelina ny halalin'ny ho fiantraikan'izany na dia efa nilaza aza ny maro, hatramin'ny filoha Ravalomanana Marc, fa tokony hidina ny sisintany tany amin'ny voalohandohan'ny taona. Ny nataony ihany no nataony, mbola navela hidanadana ny habakabaka ary navela hiditra ny fiaramanidina rehetra, toy ny misy olona nandrasana raha ny fahitan'ny mpanara-baovao azy. Dia ny vahoaka no nifafa ny kihony taorian'izay.

Avy eo indray, tsy rototra tamin'ny fampidirana ny vaksiny fanefitra amin'ny covid-19 ny fitondrana na dia efa namporosihan'ny hafa aza, ary mbola hatramin'ny filohan'ny mpanohitra RMDM nanentana ny amin'izany, fa tokony atao io. Dia niaraha-nahita ny faharisihan'ny vahoaka nanao an'izany ary tsy tafahoatra sy manodidina ny 5% teo ny taha amin'izay fanaovam-baksiny izay hatramin'izao na dia nampidirina teto avokoa aza ny karazam-baksiny samihafa. Tsy tratra ny tanjona amin'ny tokony ho taham-baksinin'ny firenena rehetra maneran-tany miatrika ny ady amin'ny fihanaky ny valanaretina. Ny vaovao farany amin'izany ary izao efa miomana hiditra amin'ny fanaovam-baksinay daozy faha- efatra ny firenena sasany any Eôrôpa any. Isika eto Mdagasikara anefa aiza ho aiza amin'izany ? Sa efa mianona amin'ny ezaky ny olom-pirenena tsirairay sy ny sarambabem-bahoaka nanana ny fiarovan-tenany araky ny eritreriny tany aminy tsiray avy ka zary mihena ny taha amin'ny tranga vaovao ankehitriny ? Na izany aza anefa, efa maherin'ny arivo no lavo tamin'ity valanaretina ity, ary mavesatra be izany fa tsy tokony ho tsinontsinoavina na odian-tsy hita. Sarotra ho an'ny malagasy ary mavesatra aminy ny ilaozan-kavan-tsy foy.

Miditra sahady amin'ny volonan-drom-pifidianana isika ankehitriny, na dia mbola amin'ny taona 2023 aza no hanatanterahana izany. Efa mandeha ireo paipaik'ady sy teti-panorona amin'izany ary ny fitondrana no mitarika izany raha ny zavatra hita. Nanao fanamarihana sy tsikera ny sokajin'olona sy vondrona samihafa na ara-politika na tsia, ary hatramin'ny fiarahamonim-pirenena momba ny amin'ny ahiahy maro samihafa amin'ny fanomanana ny fifidianana, izay miainga amin'ny lisi-pifidianana izany. Efa nilaza ny maro amin'ireo, fa mila averina manontolo tanteraka ny fanaovana ny lisitra na « refonte » izany, izay araka ny lalàna izany. Toa tsy hita be ihany anefa ny hevitry ny avy eo anivon'ny Ceni momba izany, izay izy ireo no tomponandraikitra amin'izany. Hatreto tsy mbola re ny fanapahan-keviny momba izany na ataony na tsia. Ny ahiahin'ny maro anefa, dia mety hiverina ny « doublon », sy ny tsy fahatomombanana samihafa toy ny nitranga tamin'ireo fifidianana rehetra teo aloha hatramin'ny niakaran-dRajoelina teo amin'ny fitondrana. Manahy ny maro ny amin'ny mety hisiana korontana noho izany tsy fikarakarana tsara sy amin'ny marina ara-dalàna ny fifidianana izany. Dia ho tara fandraisana fepetra toy iretsy tranga teo aloha rehetra ihany indray koa ve ny fitondrana ? Izao fitondrana Rajoelina izao aloha dia iaraha-mahalala tsara, fa araka ny fomba fitenenana hoe : « rovitra omby tondro tsy miraika, fa efa omby loha vao mikoropaka ». Tranga maro teto amin'ny firenena no nahitana izany toe-javatra izany ary manamarina io fitenenana io. Ny olana sy manahirana anefa dia ny vahoaka hatrany no mizaka ny vokany fa tsy izy ireo mpandray fanapahan-kevitra.

*Sôh'son*

---

**FITAMPOHA 2022 ANY MENABE**

# Ho tanterahina ny 04 ka hatramin'ny 12 aogositra izao



Notanterahina ny alakamisy teo ary nifarana omaly zoma, ny Lohavognin'ny Fitampoha, izay natao tao Belo sur Tsiribihina, notrononin'ireo olom-panjakana ato Menabe, izay notarihan'ny Governoran'ny faritra Menabe. Isan'ny tonga nanome voninahitra ity hetsika ity koa ny solombavambahoakan'i Madagasikara voafidy tao amin'ny distrikan'i Miandrivazo raha tsy hita popoka kosa ny solombavambahoakan'i Madagasikara voafidy tao Belo sur Tsiribihina. Ny lohavogny moa dia fomba Sakalava fanao isan-taona, entina hanajana ireo ray aman-dreny hanaterana ny voalohambokatra , no sady fanadiovana ny zomba ( ilay toerana hanitrihana ny taolam-balon'ny Ampanjaka no atao hoe zomba ), fa amin'ny taona hanaovana ny Fitampoha kosa dia antsoina hoe Lohavognin'ny Fitampoha, ka eo ny olobe no manapaka ny datin'ny Fitampoha.

Ho an'ny Fitampoha 2022 dia tapaka, fa ho tanterahina ny 04 ka hatramin'ny 12 Aogositra izao izany, ka ny alakamisy faha 04 Aogositra io izay fiomanana dia hatomboka amin'ny tsimandrimandry ary ny zoma faha 5 Aogositra no tena fanombohan'ny Fitampoha, ka amin'io no hosokafana ny zomba ary misy ny famonoan'omby ka entina ireo Dady. Ny Dady no iantsoana ny ampahana taolambalon'ireo Ampanjaka, satria ireo mpanjaka dia samy manana ny zombany fa taolam-balon'ireo izay ampahany miisa 8 nalaina tamin'ny vatany ihany, no mitambatra amin'ny zomban'i Belo miaraka amin'ireo fitaovana nampiasan'ny Ampanjaka, ka entin'ny vatan-dehilahy 10 no mibaby azy mamonjy ny tora-pasika hanaovana ny Fitampoha, izay efa misy toerana voaomana hametrahana ireo taolambalon'ny Ampanjaka, izay antsoina hoe Rivotry na Zomba vonjimaika, izay trano vita amin'ny lamba fotsy, ka ahantona ambonin'ny mijoa ao ireo Dady mandritra ny fito andro. Mandritra izany rehetra izany dia mitohy ny fety sy ny korana ny moraingy, ka ny alakamisy heriny faha 11 Aogositra maraina dia manapaka ny bararata izay hasiana ireo Dady avy nampandroana ary ny alina kosa ny atao ny Valabe, izay fanaovana korana be, fa raha tamin'ny andro taloha dia amin'io fotoan'ny Valabe io, no fitadiavan'ny zanakavavin'ny mpanjaka vady, fa ankehitriny faradoboka.

Ny zoma 12 Aogositra no ivon'ny Fitampoha, satria dia eo no atao ny fampandroana ireo Dady, ka ny ranon'i Tsiribihy manomboka any Miandrivazo, ka hatrany amin'ny fihaonany amin'ny ranomasina dia tsy azo kitihina mihintsy raha tsy ny zoma hariva.

Ny Fitampoha dia fomba Sakalava, ho fanajana ireo Ampanjaka efa efa niamboho ary fangataham-pitahiana ihany koa, satria ho an'ny Sakalava ireo mpanjaka efa niamboho dia olomasina. Ny hampiavaka ity Fitampoha 2022 ity dia ny mety hiavian'ny Kabeson'ny Ampanjaka Toera, izay mbola any amin'ny Frantsay. Hisaorana Joe Kamamy nifampizara ny vaovao.

*Rajepa*

---

**facebook** NY VALOSOA VAOVAO

## Mahamenatra ny RN 2, tsy mety vita ireo fahapotehana aminy



**Joel Rakoto :** tsy mety tafarina ny fahapotehana amin'ny lalampirenena faha-2 (RN2). Zao sisa ny RN 2 feno olona sahirana manototra lavaka ao Mandraka, ireo fiara izay mandalo no mba manipy vola 100 Ar na 200 Ar izay foy, mampalahelo.

**Hany Andri :** ka zay mihtsy ny tanjon'ny fitondrana, atao mahantra d hanipazana 5000 Ar d azo ambakaina.

**Andri Pa :** efa reraka tanteraka ity ny RN 2 ity.

**Rivo Christian Tsiambanizafy :** efa EPP manarapenitra 13 sy CSB-II 11 anie no vitan'ny président e!

**Elia Razafiarimanana : Rivo Christian Tsiambanizafy :** dia ho aiza rehefa vita ny fianarana, sa hanampy la bonne any amin'i Président ? Mba halefaso lavitra ny fisainantsika gasy rehetra e, efa 40ans no niaina tao anatin'ny kobaka ambava fa mba tonga saina amn'izay.

**Rivo Christian Tsiambanizafy: Elia Razafiarimanana:** tsy aty amiko anao no tokony hiteny an'izany raha io commentarie-ko io.

**Amg Lucas:** mahamenatra ny RN2, zao sisa . Mialàa letsy fa tsy mahay n'inon'inona a! mandreraka be. Tssssss!

**Iandriniaina Rasambaritafika:** tena potika ny RN2, lavaka 1 isaky ny 100 m raha atao ny salanisa, feno olona mpangataka manototra tany na mitoto vato, maro ny fiara indrindra ny camion no "en panne" manembatsembana fifamoivoizana, fa Simba noho ny haratsian'ny lalana.

**Mamitianahery Andrianasolomanana:** oayy, hoy ny depiote Ird rehetr hoe: mandroso hono i Madagasikara koa, no miadana sy velona ary voky aradalàna hono ny gasy... dia gaga @ izany hoe mitombo be ny mpangataka.

**Jasy Razafindrakoto:** ka ny làlana tsy azo hanina kw!

**Hary Vololona:** f' angaha moa tsy hoe efa namboarina ndray e ?

**Odile Mirana:** ireo ihany no mody mamotika ireny lalana ireny, dia avy eo ataony fitadiavana vola lay izy.

**Laza Clara :** noana ny vahoaka.

**Tovohery Ratsimba :** fa anga hono tsy mbola mandeha ny autoroute e?

---

## TONONKALO

### Fety tsy misy fitoniana ?

Moa tsy hainareo mpitondra ny mampisy fitoniana,
Nefa ho avy ity ny fety ka dia tsara ny mihavana ?
Sa arehitra hatrany ny ady sy fifandrafiana
F`amin`ny ora toy izao tsy dia "lehibe" ilay hoe "fitiavana" ?

Toy ny raharahan-jaza ny amin`ity mpanolotsaina,
Izay "navoaka" dia "naiditra" amin`ity akaiky fety.
Feno loatra ny hatezerana ka dia tsy andry ny maraina,
Mba hiantsoana fanindroany ity "mahery fo" vedety ?

Inona no tombontsoa , mba tanisao hoe aza fady
Raha akombonao ny vavany ka dia tsy hiteny intsony ?
Amin`izay ve dia handresy ireo rehetra kamarady
Sy mpanodinkodim-bola misonanina eny ambony ?

Moa tsy hainareo mpitondra ny mamboly fifaliana
Anaty fety toy izao izay iandrandrana filaminana ?
Raha vahoaka efa mahantra no tsy misy fitoniana,
Dia fantaronao mpitondra: tsy afakao ny fanadinana !

*TSIMIMALO (14-04-22)*